


DEREK PRINCE MINISTRIES INTERNATIONAL

Fivoriana fampaherezam-panahy

Miahy ireo izay tsy misy mpiahy

Tahaka ny fangorahan'ny ray ny zanany, dia toy izany koa no angorahan'Andriamanitra ahy.



Manambara ny Tenin'Andriamanitra
Dries Du Plessis Dries Du Plessis

Nanoratra bokikely mitondra ny lohateny hoe Kamboty, Mananotena, Malahelo sy Ampahorina aho. Mahagaga ahy ity bokikely ity. Araka ny nosoratako omaly, na dia efa nitory nandritra ny dimampolo taona mahery aza aho, ary rehefa nanana fahatsapana aho fa hitory mandritra ny androm-piainako, dia nanome ahy karazana fangoraham-po vaovao izay tsy nampoiziko ho azoko mihitsy Andriamanitra. Izao no atolotro ny amin’ny Salamo 84:6:

> "Raha mandeha mamaky ny lohasaha Baka [mitomany] izy, dia ataony misy loharano izany, ary ny loha-orana manarom-pitahiana azy."

Nandeha namaky ny lohasaha fitomaniana aho, ary novohan'Andriamanitra ho ahy izany loharano izany. Zava-manjaka izay Andriamanitra irery ihany no afaka manao izany. Fangorahana izany. Nanjary liana mafy aho — saika tamin’ny hafanam-po — ny momba an’ireo olona tsy raharahana sy hitsahina ambany tongotry ny fiaraha-monina misy antsika: ny kamboty, mananotena, malahelo sy ampahorina. Gaga aho fa be dia be ny lazain’ny Baiboly momba ny andraikitsika hikarakara azy ireo. Hatramin’ny voalohany ka hatramin’ny faran’ny Baiboly, dia lohahevitra lehibe momba ny fahamarinan’Andriamanitra izany — na ao amin’ny Patriarka izany, eo ambanin’ny Lalàn’i Mosesy, ao amin’ny Mpaminany, na ao amin’ny Testamenta Vaovao.

Amin'ny ankapobeny, isika, amin’ny maha-Kristiana, dia tsy mahita tanteraka ny lafiny iankinan'ny finoantsika sy ny asantsika, dia ny fiahiana izay tsy karakarain'olon-kafa.

Misaotra Anao, Tompo ô, fa miahy tokoa lanao. Manambara aho ny fahamarinan’ny Salamo 84:6 hoe: “Raha mandeha mamaky ny lohasaha Baka [fitomaniana] izy, dia ataony misy loharano izany.” Manambara aho fa handeha eo amin’io sehatra iankinan’ny finoana sy asa io aho, hikarakara ireo izay tsy raharahan’ny hafa. Tahaka ny

© 2008 - Dries Du Plessis

fangorahan’ny ray ny zanany, no fangorahan’Andriamanitra ahy, amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-257-MLG

Nohavaozina farany: 15 Oct 2026

Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

